
# ILAY ANDRIAMANITRA LEHIBE

## sy ny fo kelinao






**BIBLIOTHÈQUE CHRÉTIENNE MADAGASCAR**

- Fianarana Baiboly maimaimpoana
- Fivarotana boky kristiana amin'ny vidiny mirary
- Fampindramana boky kristiana

**ANTANANARIVO**
Lot IV L 39 D
Anosivavaka Ambohimanarina
101 – Antananarivo
(261 20) 23 330 67 / 032 42 552 35 / 033 15 552 35
E-mail : bibliothequechretienne@gmail.com

**LIBRAIRIE NY MPAMAFY**
IA 48 bis Avenue Grandidier
Isoraka
101 – Antananarivo
Portable : 034 14 552 35

**ANTSIRABE**
Lot 0512-A-235
Avenue Ralaimongo
Tsarasaotra
110 – Antsirabe
Portable : 033 16 552 35

**TÖLAGNARO**
BP 184
Ambinanikely
614 – Tölagnaro
Portable : 033 21 236 44


**TOAMASINA**
BP 567
Boulevard Joffre
301 - Toamasina
Portable : 033 06 655 30



**"Terre de Mission"** - **BPC La Bonne Semence** 26000 Valence, France
Auteur : J.C.K. - ISBN : 978-2-87907-519-8 - Réf. : 4GD00MA

# Tia anao Andriamanitra

*Fantatrao ve fa Andriamanitra no nanao*
*ny zavatra rehetra : ny lanitra hitako,*
*ireo kintana mamirapiratra rehetra ireo,*
*ny volana tsara tarehy rehefa hariva,*
*ny masoandro tsara tarehy rehefa antoandro,*
*ny rahona, ny orana, ny voninkazo,*
*ny biby, ny voromanidina, ary indrindra ny olona ?*
*Izy no nanao anao, io ianao ankizy io,*
*ary ny tiany dia ny hiaraka aminao,*
*ny hiara-dia aminao, mba ho tafaraka Aminy*
*any an-danitra ianao, indray andro any.*





# Andriamanitra sy ny fonao

*Izy Andriamanitra mihitsy no milaza hoe*
*tsy tsara ny fonao, na dia ankizy aza ianao.*
*Lazainy ao amin'ny Baiboly izany :*
*"Tsy misy marina, na dia iray akory aza"*
*(Romana toko faha-3 andininy 10).*

*Milaza koa Andriamanitra hoe*
*"samy efa nanota izy rehetra"*
*(Romana 3 andininy 23).*



# Inona no atao hoe ota?


*Ny atao hoe ota dia ny tsy fankatoavana an'Andriamanitra; ohatra: rehefa mandainga aho, rehefa mifetsifetsy, rehefa mangalatra, rehefa ratsy fanahy amin'ny hafa...*
*Na dia miezaka sy te hanao ny tsara aza ianao, dia tsy afaka manao izany, satria mahery noho ianao ny ota.*





# Ny Baiboly no manazava hoe nahoana

*Tany aloha be tany no nanombohan'izany, fony Andriamanitra nanao an'i Adama sy i Eva: ilay lehilahy voalohany sy ilay vehivavy voalohany teto an-tany. Izy ireo no nanota voalohany, tamin'izy ireo tsy nankatò an'Andriamanitra, fa nihinana ilay voankazo tsy tokony nalainy...*
*Ary taorianan'izany, ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny ankizy rehetra dia nanjary mpanota koa.*
*Hoy ny Baiboly hoe: "Noho ny nataon'ny olona anankiray* (i Adama), *no nidiran'ny fahotana teo amin'izao tontolo izao... ary dia nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana..."*
*(Romana 5 andininy 12).*



## Tena ratsy tokoa ve ny ota ?

*Eny, satria mampisaraka antsika amin'Andriamanitra izy io : "Ny fahotanareo no mampiafina ny tavany aminareo"* (Isaia 59 andininy 2).

*Loza izany ! Raha maty ianao nefa tsy nanaiky handray ny famelàn-keloka omen'Andriamanitra, dia ho tafasaraka Aminy mandrakizay... Maimaimpoana ny famelàny heloka. Omen'Andriamanitra izay rehetra manaiky azy izany.*





## Ahoana no ahazoany mamela ny fahotanao ?

*Tena tia antsika Andriamanitra ka nanome ny Zanany Lahitokana, Jesosy no anarany, mba hamonjy antsika. Tonga teto an-tany i Jesosy, nanasitrana ny marary Izy, nanao ny tsara mandrakariva. Nefa nolavin'ny olona Izy, dia nofantsihana teo amina hazofijaliana, ary teo Izy dia "maty noho ny fahotantsika"* (1 Korintiana 15 andininy 3).
*Nahatran'Andriamanitra tamin'i Jesosy ny sazy mendrika ny fahotantsika. Fa telo andro taorianan'izany Izy dia nitsangana tamin'ny maty, ary velona indray. Avy eo Izy dia niakatra any an-danitra, ary mbola velona foana Izy, any ambony any. Raha manaiky ianao hoe mpanota ary raha mino Azy, dia voavela ny helokao, voavonjy ianao. Manana fiainana mandrakizay ianao ary manana toerana miaraka Aminy mandrakizay any an-danitra...*



## *Mibebaha :*

*"Andriamanitra... ankehitriny... mandidy ny olona rehetra* (ny ankizy koa !) *amin'izao tontolo izao hibebaka"* *(Asan'ny Apostoly 17 andininy 30).*

*Ny atao hoe mibebaka dia miteny amin'Ilay Andriamanitra tia antsika hoe : "Mpanota aho, manaiky izany tanteraka ary manenina tokoa aho. Menatra ny tenako aho, mifona aminao aho."*

## *Minoa :*

*Tsy maintsy mino ao am-ponao ianao hoe voasazy nisolo toerana anao ny Tompo Jesosy. Nentiny teo amin'ny hazofijaliana ny fahotanao ary nofafany tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra, mba ho tonga zanak'Andriamanitra ianao ary honina mandrakariva eo anilany. Hoy Jesosy amintsika hoe : "Izay mino* (Ahy) *no manana fiainana mandrakizay"* *(Jaona 6 andininy 47).*





## *Miainà miaraka amin'i Jesosy :*

*Dieny izao ianao dia efa afaka miresaka Aminy, toy ny miresaka amin'ny namanao. Tia anao Izy ary vonona hihaino anao, vonona hamaly anao, hanampy anao ary hanafaka anao, raha mitoky Aminy ianao. Ambonin'izany Izy dia hanampy anao hankatò Azy, hiaina araka ny sitrapony, izay tsara ho anao. Ary indrindra koa, ho fantatrao fa Ilay Andriamanitra Lehibe dia fitiavana. Nasehony izany tamin'ny nanirahany ny Zanany Lahitokana tamin'izao tontolo izao, mba hahavelona antsika amin'ny alalany* *(epistily voalohany nosoratan'i Jaona, toko faha-4 andininy 9).*






♥ *Ireo andinin-tSoratra Masina tokony ho fantatro sy hianarako tsianjery*

*Isaky ny hainao ny andininy iray, dia asio marika ilay fo kely eo anoloany*

**Tia anao Andriamanitra, ary te hamonjy anao.**

♡ *Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.*

*Filazantsara nosoratan'i Jaona, toko faha-3, andininy faha-16*

♡ *Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy.*

*Romana 5. 8*



**Mpanota avokoa ny olona rehetra, eo imason'Andriamanitra.**

♡ *Tsy misy marina na dia iray akory aza.*

*Romana 3. 10*

♡ *Samy efa nanota izy rehetra, ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra.*

*Romana 3. 23*

♡ *Ny ran'i Jesosy Zanany* (Zanak'Andriamanitra) *no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra.*

*1 Jaona 1. 7*

♡ *Raha hoy isika : "Tsy manana ota isika", dia mamita-tena, ary ny marina tsy ato anatintsika. Raha hoy isika : "Tsy nanota isika", dia mampandainga Azy* (an'Andriamanitra), *ary ny teniny tsy ato anatintsika.*

*1 Jaona 1. 8, 10*

## Vonjen'Andriamanitra ny mpanota mba ho afaka amin'ny fanamelohana sy ny fahafatesana.

♡ *Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka* (Jesosy) *ho amin'izao tontolo izao, hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao.*
*Jaona 3. 17*

---

♡ *Efa tonga ny Zanak'olona* (Jesosy) *hitady sy hamonjy ny very.*
*Lioka 19. 10*

---

♡ *Ary tsy misy famonjena amin'ny hafa* (hafa noho Jesosy) *; fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona, izay hahazoantsika famonjena.*
*Asan'ny Apostoly 4. 12*

---

♡ *Izay mino ny Zanaka* (Jesosy), *manana fiainana mandrakizay ; fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra eo aminy.*
*Jaona 3. 36*

---

♡ *Fahafatesana no tambin'ny ota ; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika.*
*Romana 6. 23*





## Nitsangana tamin'ny maty i Jesosy, resy ny fahafatesana.


♡ *Nahoana no ato amin'ny maty no itadiavanareo ny velona ? Tsy ato Izy, fa efa nitsangana.*
*Lioka 24. 5 sy 6*

---

♡ *Hoy Jesosy taminy : Izaho no fananganana ny maty sy fiainana ; izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray. Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay. Mino izany va ianao ?*
*Jaona 11. 25 sy 26*

---

♡ (Hoy Jesosy :) *Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina ; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana* izy.
*Jaona 5. 24*



## Ilay Andriamanitra Ray dia tia ny zanany mandrakariva.

♡ *Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, dia ireo izay tsy nateraky ny ra, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa naterak'Andriamanitra.*

*Jaona 1. 12 sy 13*

---

♡ (Hoy Jesosy:) *Izay ateraky ny nofo dia nofo; ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy. Aza gaga noho ny nilazako taminao hoe: Tsy maintsy ateraka indray ianareo.*

*Jaona 3. 6 sy 7*

---

♡ *Manoratra aminareo zanaka aho, satria voavela ny helokareo noho ny anarany.*

*1 Jaona 2. 12*

---

♡ *Endrey! Manao ahoana ny fitiavana nasehon'ny Ray ho antsika, dia ny niantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra!*

*1 Jaona 3. 1*





## Izay tia an'i Jesosy dia manao izay lazainy.

♡ (Hoy Jesosy:) *Tahaka ny nitiavan'ny Ray Ahy no nitiavako anareo; tomoera amin'ny fitiavako ianareo. Raha mitandrina ny didiko ianareo, dia hitoetra amin'ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin'ny Raiko sy ny itoerako amin'ny fitiavany.*

*Jaona 15. 9 sy 10*

---

♡ (Hoy Jesosy:) *"Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra." Izany no didy lehibe sady voalohany. Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao: "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao".*

*Matio 22. 37 hatramin'ny 39*

---

♡ *Ary na inona na inona ataonareo, dia ataovy amin'ny fo, tahaka ny ho an'ny Tompo, fa tsy ho an'ny olona.*

*Kolosiana 3. 23*

---

♡ *Mifalia mandrakariva. Mivavaha, ka aza mitsahatra. Misaora amin'ny zavatra rehetra.*

*1 Tesaloniana 5. 16 hatramin'ny 18*

## Ny fifandraisanao amin'ny manodidina anao.

♡ *Anaka, maneke ny ray sy ny reninareo ao amin'ny Tompo, fa marina izany. "Manajà ny ray sy ny reninao" (fa izany no didy voalohany misy teny fikasana), "mba hahita soa ianao sy ho maro andro ambonin'ny tany".*

*Efesiana 6. 1 hatramin'ny 3*

---

♡ *Na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany.*

*Matio 7. 12*

---

♡ *Aza mamaly ratsy na amin'iza na amin'iza. Miomàna hanao izay mahamendrika eo imason'ny olona rehetra.*

*Romana 12. 17*

---


♡ (Hoy Jesosy:) *Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo, – mba ho tonga zanaky ny Rainareo Izay any an-danitra ianareo; fa Izy mampiposaka ny masoandrony amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy ary mampilatsaka ny ranonorana amin'ny marina sy ny tsy marina.*

*Matio 5. 44 sy 45*

---

♡ *Izay mahalala hanao soa, nefa tsy manao, dia heloka ho azy izany.*

*Jakoba 4. 17*





## Jesosy no Mpiandry tsara, isika no ondriny.



♡ (Hoy Jesosy:) *Izaho no Mpiandry Tsara; ny Mpiandry Tsara manolotra ny ainy hamonjy ny ondry.*

*Jaona 10. 11*

---

♡ *Ny ondriko mihaino ny feoko, ary Izaho mahalala azy, ary izy manaraka Ahy, ary Izaho manome azy fiainana mandrakizay, ka tsy ho very izy mandrakizay, ary tsy hisy handrombaka azy amin'ny tanako.*

*Jaona 10. 27 sy 28*

---

♡ (Hoy Jesosy:) *Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza rarana; fa an'ny toa azy ny fanjakàn'Andriamanitra.*

*Lioka 18. 16*

---

♡ (Hoy Jesosy:) *Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia ao afovoany Aho.*

*Matio 18. 20*



## Hiverina ny Tompo Jesosy, haka antsika.



♡ (Hoy Jesosy :) *Aza malahelo ny fonareo ;*
*minoa an'Andriamanitra, ary minoa Ahy koa.*
*Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro ;*
*raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho ;*
*fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho.*
*Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho,*
*dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko,*
*ka izay itoerako no hitoeranareo koa.*
*Jaona 14. 1 ka hatramin'ny 3*

---

♡ (Hoy Jesosy :) *Indro, avy faingana Aho.*
*Apokalypsy 22. 7*

---

♡ *Dia miomàna koa ianareo ; fa ho avy*
*ny Zanak'olona* (Jesosy) *amin'izay ora tsy ampoizinareo.*
*Lioka 12. 40.*



## Andriamanitra, Ilay Mpahary sy Mpamonjy anao, dia niantso anao tamin'ny anaranao.

♡ *Fa ankehitriny,... izao no lazain'i Jehovah,*
*Izay nahary anao... : Aza matahotra ianao,*
*fa efa nanavotra anao Aho ; efa niantso ny anaranao Aho,*


( Ny anaranao hoe ?
Soraty eto : ................................. )


*Ahy ianao. Isaia 43. 1*

---

♡ *Ankino amin'i Jehovah ny lalanao, ary matokia Azy,*
*fa hataony tanteraka. Salamo 37.5*

**Ireo teny ireo dia voasoratra ao anatin'ny Baiboly, ilay boky mirakitra ny Tenin'Andriamanitra ho antsika.**





## BIBLIOTHÈQUE CHRÉTIENNE MADAGASCAR

- Fianarana Baiboly maimaimpoana
- Fivarotana boky kristiana amin'ny vidiny mirary
- Fampindramana boky kristiana


**ANTANANARIVO**
Lot IV L 39 D
Anosivavaka Ambohimanarina
101 – Antananarivo
(261 20) 23 330 67 / 032 42 552 35 / 033 15 552 35
E-mail : bibliothequechretienne@gmail.com

**LIBRAIRIE NY MPAMAFY**
IA 48 bis Avenue Grandidier
Isoraka
101 – Antananarivo
Portable : 034 14 552 35

**ANTSIRABE**
Lot 0512-A-235
Avenue Ralaimongo
Tsarasaotra
110 – Antsirabe
Portable : 033 16 552 35

**TÖLAGNARO**
BP 184
Ambinanikely
614 – Tölagnaro
Portable : 033 21 236 44

**TOAMASINA**
BP 567
Boulevard Joffre
301 - Toamasina
Portable : 033 06 655 30



**"Terre de Mission"** - **BPC La Bonne Semence** 26000 Valence, France
Auteur : J.C.K. - ISBN : 978-2-87907-519-8 - Réf. : 4GD00MA


# ILAY ANDRIAMANITRA LEHIBE

## sy ny fo kelinao

